FILOHA RAVALOMANANA

Nanome voninahitra ny Tanora Loterana Malagasy

Nifarana ny alahady teo ny fitraofambe, na ny fihaonamben'ny Tanora loterana Malagasy manerana ny Nosy, na Firaisankinan'ny Tanora Kristiana Loterana Malagasy (FKTLM), natao tany Mahajanga. Fotoam-pivavahana lehibe nanamorona ny ranomasina, tany amin'ny Village Tourustique tao andrenivohitra Boegny, no namaranana izany tamin'ny fomba ofisialy. Nanotrona sy nanome voninahitra izany fotoana izany ny filoha Marc Ravalomanana, izay filoha lefitry ny fiangonana FJKM teo aloha, ao anatin'ny FFPM (Fiombonan'ny Fiangonana Protestanta eto Madagasikara), sady ray aman-dreny manana traikefa koa amin'ny fahaiza-mitarika. Ka anisan'ny foto-diany tany an-toerana izay fizarana traikefa izay, tsy ho an'ny ao amin'ny fiangonana FJKM ihany, fa ho an'ny tanora FLM ihany koa. Ny herinandro lasa teo, efa nizara ny fahaiza-manaony amin'izay fahaiza-mitarika, na leadership izay izy, ho an'ireo vehivavy avy amin'ny Dôrkasy FJKM avy amin'ny lafy valon'i Madagasikara tany Antsiranana, dia izao mbola notohizana tany Mahajanga izao. Tao aorian'ny vavaka, nilaharana ny niaraka sary tamin'ny filoha Marc Ravalomanana tany amoron-driakan'i Mahajanga io.

Ny filoha Ravalomanana, niara-niombom-bavaka tamin'ny tanora ao amin'ny FKTLM.

Isambilo

Fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM

Nosakanan'ny herim-pamoretan-dRajoelina ny tany Mahajanga

Nosakanan'ny herim-pamoretan-dRajoelina ny saika hankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tany Mahajanga faritra Boegny. Araka ny efa tapaky ny birao pôlitikan'ny antoko sy ny komity mpikarakara, tokony hoentina mitety faritra izany fanamarihana izany, ka nanomboka ny sabotsy teo ary tokony ho nifarana omaly ny tany Mahajanga, tokony ho natao tao amin'ny Magro any Mahajanga Be. Hatramin'ny sabotsy anefa, tsy navelan'ireo mpitandro filaminana any an-toerana nidirana izany toerana manokana sy an'olon-tsotra izany, fa hoe tsy nahazo alalana. Tsy mahazo mankalaza ny fetiny ao an-tokantranony izany ny olona, raha ireo mpitandro filaminana sy ny Prefet any Mahajanga no jerena, tena fanitsakitsahana ny demôkrasia sy didy jadona mihitsy no ataon'izao fitondrana Rajoelina izao. Raha ny nambaran'ny mpikatroka TIM tany anytoerana, sy ny solontenan'ny mponina tafaresaka tamin'ny mpanao gazetin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, rehefa ny avy amin'ny fitondrana anefa no manao hetsika dia avela hanao ny danin'ny kibony mampiasa ny arabe, manao izay tiany hatao amin'ny hetsika ara-politika homaniny, fa raha ny avy amin'ny antoko mpanohitra toy ny TIM, na amin'ny toerana mikatona sy an'olon-tsotra aza dia tsy azo atao. Tena misy ny mizana tsindrian'ila. Niezaka nandresy lahatra ireo mpitandro filaminana ihany ireo depiote TIM, notarihan'ny filohan'ny vondrona parlemanterany, ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, ny sekretera jeneraly nasiônaly faharoa ny antoko ny depioten'Ambohidratrimo Mamy Rabenirina ary ny mpandrindra nasiônalin' ny antoko Jean Claude Rakotonirina, fa tsy nanokatra ny Magro hatramin'ny farany ireo herim-pamoretan'ny fitondrana. Tsy tontosa araka ny niheverana azy arak' izany ny fanamarihana ny faha-20 taonan'ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana. Fampirantiana ny tantaran'ny antoko ho an'ny vahoakan'i Mahajanga anefa no saika natao tany. Mazava ho azy amin'ny maha hetsika politika ny hetsika, tsy maintsy tokony ho nisy ihany ny kabary politika. Fehiny: tena matahotra fadiranovana ny filoha Marc Ravalomanana, sy ny antoko najorony izao fitondrana Rajoelina izao, hatrany an-tampony, ka hatrany amin'ny rafitra sasany any amin'ny faritra. Averina foana anefa ho an'ny mpitondra isan-tsokajiny ny hoe: "tsarovy fa misy fetrany ny zava-drehetra!" Ary ny fanakanana ataon'izy ireo, no vao mainka mampakatra ny lazan'ny antoko TIM sy ny filoha mpanorina azy.

Ireo herim-pamoretana niandry ny manodidina ny Magro Mahajanga.

Isambilo

Gidragidra tao amin'ny Jesosy Mamonjy

Nisy ny torana, maro ny naratra, potika ny fitaratra sy seza,…

Mbola nisy indray ny gidragidra na ny korontana tao amin'ny fiangonana Jesosy Mamonjy Ankorondrano ny alahady teo. Fifandonana teo amin'ireo mitsipaka ny voka-pifidianana ny filankevi-pitantanan'ity fiangonana ity, sy ireo mpomba ny filankevi-pitantanana vaovao. Raikitra tamin'izany ny fifandonana teo amin'ny samy mpino ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy. Vokany, maro ny naratra, nisy ny torana, potika ny fitaratra sy ny sezan'ny Fiangonana,… Efa nifandona efa ho 20 min mahery ireo samy mpino, vao tafiditra an-tsehatra tao am-piangonana ny mpitandro filaminana nandamina. Arak'izany, mbola rakotra mpitandro filaminana teny an-toerana ny alahady teo io. Tafiditry ny resaka politika ny fiangonana, ka nahatonga fifandonana eo amin'ny samy mpino izao. Ireo avy amin'ny Jesosy Mamonjy any amin'ny faritra avaratra tamin'ny herinandro teo dia efa nanambara koa fa tsy mankasitraka ny voka-pifidianana vita tao Ankorondrano, ny fitondrana anefa nilaza fa tsy misy fifidianana haverina izany intsony. Mety mbola ho tantara mitohy arak'izany ity raharaha ao amin'ny fiangonan'i Daoud ity, raha tsy misy ny fifandaminana matotra sy fifandeferana eo amin' ireo mpifanandrina.

Stefa

Gidragidra tao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy ny alahady teo.

Ny Valosoa sy fakafaka

Fiainam-pirenena

Mihemotra tsikelikely, miharaka hatrany ny firenena

Maromaro ireo efa nilaza fa misy ny krizy ara-politika deto amintsika, efa mandamina tetika sy paikady samihafa ho enti-miatrika ny fotoam-pifidianana taona 2023 ry Rajoelina sy ny ekipany, ka ataony daholo izay fomba anakanana izay antoko politika, na fikambanana hafa manana ny heriny, tsy resiny ary tsy levon' ny vavoniny mihitsy aza, ka mety handrotsaka kandida eo.

Hita sy tsapa ohatra, isaky ny manao zavatra izy ireo ary milaza foana fa tao anatin'izay 62 taona nahazoana fahaleovan-tena izay, dia ny azy ihany no mety sy marina, manara-penitra nefa tsy rariny hoy ny vahoaka mahantra, kere, raha ny feo voaangona. Izany hoe misy ireo voatampimaso, voadona tapany ka mandoa erany, ka rehefa tolorana vary tsinjo 5 kg sy siramamy kely fotsiny ihany, dia tsy mahatsiaro intsony ilay fahasahiranana mihoa-pampana, tsy mahatsapa ny loza mitranga, sy izay mety hitranga nefa ny firenena efa mihemotra tsikelikely, reraka hatrany. Eo koa ny JADONA izay tsy takon'afenina intsony, amelezana ny vahoaka marobe mitsipaka ny foto-keviny. Raha vao misy hevitra atolotra na tsikera mba hatao, dia lazaina fa mpanohitra tsy rariny foana, nefa mba fomba mety hanatsarana sy anjara atsipy ihany no hevitra amin'izany. Mazava araka izany fa mbola te-hifikitra amin'ny toerany hatrany ry TGV mianakavy, sy ireo mpisolelaka manodidina azy, anisan'izany ny tsy fankatoavana fikaonandoham-pirenena tokony hatao nefa tsy hankasitrahan'izy ireo aloha hatreto. Ny hevitry ny maro anefa mahataka-davitra hoy ihany ny fitenintsika Malagasy izay. Misy koa dieny izao, teti-panorona hafa entina atao ho fanisam-bahoaka naroson'ny Ceni, fa mba hanomezana vola 300Ar isaky ny olona voasoratra anarana ho an'ireo iraka voatendry, mpiray tsikombakomba hanao izany, nefa raha ny feo azo avy any Mahanoro, Tsiroanomandidy, Mandoto sy ny hafa… voaray dia efa halatra ambadika sahady no fonosin'izany. Olona efa voaomana avy no hanao izany, tsy mahalala izay misy sy miseho amin'ny toerana tian-kaleha, tsy mahafantatra izay zava-misy, fianakaviana handehanana, fa dia paik'ady sahady hanomanana ny tsy rariny sy ny halatra amin'ny fifidianana amin'ny taona ho avy io. Raha fintinina dia matahotra ny mpifanandrina aminy i Boaikely sy ny ekipany, ka na RMDM, na TIM, na HVM,… izay efa miomana amin'izany, dia efa sakanany amin'ny fomba rehetra. Ny vahoaka anefa efa tofoka, satria tena sahirana, ka tsy mahagaga raha misy ny Gasy Leo, izay mbola hiitatra hiitatra hatrany.

Beharo